



Famoaham-baovao laharana° 18/XX  
HAPARITAKA AVY HATRANY  
26 septambra 2018

Fonds monétaire international  
Washington, D.C. 20431 USA

**Manadihady ny firosoan'ny fandaharanasa ara-toekaren'i Madagasikara  
ny sampandraharahan'ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena (FMI)**

Ny famoaham-baovao amin'ny famaranana ny iraka ataon'ny teknisiana ao amin'ny FMI dia mirakitra fanambarana mitatitra ny fehinkevitra santatra nataony rehefa avy nitsidika firenena iray izy ireo. Ny hevitra hita amin'ity fanambarana ity dia hevitr'ireo teknisiana ao amin'ny FMI ireo ihany ka tsy mamatotra ny sampan-draharahan'ny FMI ary tsy voatery haneho ny hevity ny Filan-kevim-pitantanana'ny FMI. Raha toa ka ankatoavin'ny Fitantanana ao amin'ny FMI ity fehin-kevitra santatra ity dia hamolavolàna tatitra izay hoentina eo anivon'ny Filan-kevim-pitantana mba hanaovana fanadihadiana sy handraisana fanapahan-kevitra.

- Heverina fa hihoatra ny 5 isan-jato ny fisondrotry ny harin-karena faobe amin'ity taona 2018 ity. Io no taha ambony indrindra tato anatin'ny folo taona farany. Tsara, amin'ny ankapobeny, ny fanatanterahana ny fandaharan'asa ara-toekarena tohanan'ny FEC.
- Ny fifehezana ireo fandaniam-bola izay tsy dia laharam-pahamehana sy ny fampitomboana ny fidiram-bolam-panjakàna dia antoky ny fitohizan'ny fampitomboana ny fampiasam-bolam-panjakana ho an'ny famokarana sy ny fandaniana ara-tsosialy.
- Tena ilaina ny ady amin'ny kolikoly ho fanatsarana ny fitantanana sy hisorohana ny fahaverezam-bola mihoa-pampana.

Nanao iraka teto Antananarivo sy Toamasina, nanomboka ny faha-12 ka hatramin'ny faha-26-n'ny volana septambra 2018, ny teknisiana avy amin'ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena (FMI) notarihan'Andriamatoa Marshall Mills, lehiben'ny iraka ho an'i Madagasikara. Nihaona tamin'ireo tompon'andraiki-panjakana Malagasy izy ireo tamin'izao andiany faha-efatra amin'ny asa toman'ezaka tamin'ny fanatanterahana ny fandaharan'asa ho fanatsarana ny toekarena, fandaharan'asa izay tohanan'ny fifanekena famantsiam-bola « Facilité Elargie de Crédit » (FEC) mandritra ny 3 taona. Nahitam-bokany ny fifanankalozan-kevitra ka mbola hitohy izany mandritra ny herinandro maromaro manaraka.

Toy izao ny fanambaran'Andriamatoa M. Mills tamin'ny fiafaran'ny iraka:

« Mihatsara hatrany ny toekaren'i Madagasikara. Tombanana hihoatra ny 5 isan-jato ny fisondrotry ny harin-karena faobe amin'ity taona ity. Io no taha ambony indrindra tato anatin'ny folo taona farany. Ny fihatsaran'ny vokatry ny fambolena, ka singanina manokana amin'izany ny voly vary, sy ny fitombon'ny fampiasam-bolam-panjakana ho an'ny famokarana no nitarika io fihatsarana ara-toe-karena io. Na dia teo aza ny fisondrotry ny vidin-tsolika eo amin'ny sehatra

iraisam-pirenena dia nijanona ho tsara ny fifandanjàna ara-barotra amin'ny any ivelany, noho ny fitombon'ny vokatra lavanila sy harena ankibon'ny tany naondrana, izay nisondro-bidy rahateo. Raha ambony ny taham-pisondrotan'ny vidim-piainana tamin'ny faramparan'ny taona 2017, dia nihena tsikelikely izany tato aoriana ka heverina hidina hatramin'ny 7 isan-jato izy io amin'ny faran'ny taona. Na izany aza anefa, ny fanatsarana ny fari-piainan'ny mponina dia mitaky fampisondrotana ny harin-karena faobe maharitra sy miantraika amin'ny rehetra. »

« Mahafa-po hatrany amin'ny ankapobeny ny fanatanterahana ny fandaharan'asa tohanan'ny FEC. Tratra daholo ny tanjona ara-tarehimariky ny fandaharan'asa nandritra ny enim-bolana voalohan'ny taona, afa-tsy ny fandanium-bola ara-tsosialy, izay ambany kokoa noho ny nikasàna azy. Ny Banky Foiben'i Madagasikara dia niezaka hatrany nampitombo ny tahirim-bola ivelany, ka ny tahiry amin'izao no betsaka indrindra tato anatin'ny folo taona farany. Amin'ny ankapobeny, ny teti-bolam-panjakàna dia notanterahina araka izay nikasàna azy. Nandroso ihany koa ny fandaharan'asa fanavaozana ara-drafitra, toy ny fanokafana ny foibe miady amin'ny kolikoly voalohany. »

« Isan'ny kitro ifaharan'ny fandaharan'asa ny fampihenàna ireo fandanium-bolam-panjakana tsy dia mamokatra firy sy ny fanoloana izany amin'ny fampiasam-bolam-panjakana ho an'ny famokarana sy ny fandania ara-tsosialy. Nisy fahatarana teo amin'ny fanitsiana ny vidin-tsolika amin'ny antsinjarany — izany dia noho ny fiakaran'ny vidin-tsolika eo amin'ny tsena iraisam-pirenena, noho ny olana ara-tsosialy nisy teto an-toerana ary noho ny fitohizan'ny fifanakalozan-kevitra momba ny fandrafetana ny vidin-tsolika — hany ka nampidi-trosa ny fanjakàna tamin'ireo orinasa mpaninjara solika izany. Namporisika mafy ireo tompon'andraiki-panjakana ny sampandraharahan'ny FMI mba hampihena ny fiantraikan'izany trosa izany eo amin'ny ny teti-bolam-panjakàna ka tsy hampihena ireo fandania izay heverina ho laharam-pahamehana. Izany dia amin'ny alàlan'ny famerenana tsikelikely ny vidin-tsolika amin'ny tena tokony ho izy sy amin'ny fanefàna haingana araka izay azo atao ny trosa amin'ny mpaninjara solika. Mikasa handray fepetra ny tompon'andraiki-panjakàna mba hanalefahana ny fiantraikan'ny fanitsiana ny vidin-tsolika amin'ireo sokajin'olona sahirana. Na niezaka aza ny JIRAMA tamin'ity taona ity ny hampihena ny fanampiana notakiany tamin'ny fanjakàna, dia nanantitrantitra ny sampandraharahan'ny FMI ny mba hampitombona avo roa heny ny ezaka hamerana ny fanampiana ho an'ny taona ho avy mba tsy hihoatra ny teti-bola nomanina. »

« Ankoatr'izany dia nifanakalo hevitra tamin'ireo tompon'andraiki-panjakana ny iraka avy amin'ny FMI momba ireo fanavaozana maromaro tanterahina amin'izao fotoana izao, izay mikasika ny politikan'ny vola, ny sehatra ara-bola ary ny fitantanam-bolam-panjakana. Ireo fanavaozana ireo dia tanterahina miaraka amin'ny fanampian'ny teknisiana avy amin'ny FMI. Ny Banky Foiben'i Madagasikara dia nanohy ny fanamafisana ny rafitra ahafahany mifehy tsara ny vola kirakiraina amin'ny banky, niezaka nampihena ny fiovaovan'ny sandam-bola eo amin'ny tsenam-bola vahiny (MID) ary nikendry hampitombo hatrany ny tahirim-bola vahiny. »

« Samy niaiky ny tompon'andraiki-panjakana sy ny sampan-draharahan'ny FMI ny maha-laharam-mpahamehana ny fanatsarana ny fahaiza-mitantana sy ny ady amin'ny kolikoly. Nanamafy koa ny sampan-draharahan'ny FMI fa zava-dehibe ny fandania alohan'ny faran'ny taona ireo lalàna roa napetraky ny Governemanta eny amin'ny Antenimiera: ny iray dia mikasika ny famerenana ny fananana azo tamin'ny tsy ara-dalàna ary ny faharoa dia momba ny ady amin'ny famotsiam-bola. Ny tsy fandania ireo lalàna roa ireo dia mety hiteraka fiantraikany ratsy eo amin'ny ara-toe-karena ary hitarika fatiantoka ara-bola ho an'i Madagasikara, indrindra eo amin'ny fifanakalozana ivelany. »

« Ny iraka dia nihaona tamin'ny Filoham-pirenena mpisolo toerana Andriamatoa Rakotovao Rivo, ny Mpiraiministra Andriamatoa Ntsay Christian, ny Minisitry ny Fitantanam-Bola sy ny Teti-bola Ramatoa Andriambololona Vonintsalama, ny Filohan'ny Banky Foiben'i Madagasikara Andriamatoa Rasolofondraibe Alain, ireo mpiasam-panjakana ambony, ireo solon-tenan'y sehatra tsy miankina, ny fiaraha-monim-pirenena ary koa ireo mpiray antoka amin'ny fampandrosoana. »

« Misaotra ireo tompon'andraiki-panjakana Malagasy ny iraka noho ny fiaraha-miasa matotra sy ny dinika nahitam-bokatra. »